FIKAMBANANA FIARAHAMONIM-PIRENENA MIISA 17

# Tsy hitondra tombontsoa ho an'ny tantsaha ny tetikasa agribusiness

Am-bolana maro izao ny fikambanana miisa 15 amin'ny fiarahamonim-pirenena, any amin'ny faritra manerana an'i Madagasikara, no manara-maso sy manahy momba ny ho avin'ny fananantanin'ny Malagasy sy ny zo fototry ny mponina, taorian'ny nandanian'ny Antenimierampirenena ny lalàna 2021-016, fanavaozana ny lalàna 2006-031 mahakasika ny tanin'olontsotra tsy vita titra. Efa nahiana ho nisy fikasàna hafahafa tao ambadiky ny fahamaikan'ny tompon'andraikitra samihafa hampiroso io lalàna io. Toa fantatra ny antony iray ankehitriny, fanazavàna momba ny fampanantenana fampandrosoana, sy fanaingana ny toekarena amin'ny alalan'ity politikan'ny fandraharahana ara-pambolena ity. Tamin'ny fanambaràna fohy tao anatin'ny gazety iray, no nahafantarana ny FIANTSOANA HANEHO FAHALIANANA AMIN'NY TETIKASA AGRIBUSINESS nandritry ity volana Martsa 2022 ity. Ny Ministeran'ny Fambolena sy Fiompiana (MINAE), ny Economic Development Board of Madagascar (EDBM), miara-miasa amin'ny Faritra (Régions), sy ireo tetikasa ao anivon'ny MINAE ary ny projet Pôles Intégrés de Croissance et Corridors, no hita tao aoriana fa niaingan'ilay Antso. Ny antso nalefan'ireo rafitra ireo dia mitodika amin'ny mpampiasa vola rehetra malagasy na vahiny, mba hanehoan'izy ireo fahalianany amin'ny fanatanterahana tetikasa fandraharahana ara-pambolena (agribusiness) amin'ny velaran-tany manomboka amin'ny 100 ka hatramin'ny 2.000 hekitara Manamarika teboka telo ilay antso :

-Hisy katalaogy na rakitra fampirantiana ny tany azo volena manerana ny faritry ny firenena Malagasy, izay hatao tolokevitra amin'ireo izay maneho fahalianana sy mahatafita ny sivana voalohany,

-Ireo mpampiasa vola voatazona kosa dia hampiasa ny tany eo ambanin'ny fitantanany, sy amin'ny alalan'ny fanaovana fifanekena amin'ny vondrona mpamokatra, mba hahazoana antoka ny fahazoan'ny rehetra anjara amin'ilay tetikasa.

-Ny fanehoana fahalianana (taratasy fanehoana fahalianana sy fanazavana fohy momba ilay orinasa manao tolokevitra, sy ny traikefa efa nananany) dia tsy maintsy halefa alohan'ny faha-26 Martsa amin'ny adiresy vitsivitsy.

Mahatalanjona sy mahaketraka hoy ny fanambarana, fa tsy misy fiovàna mihitsy ny zavatra ilofosan'ny mpitondra mifandimby eto Madagasikara.

Ny anaran'ny tetikasa, sy ny fombafomba antsimpiriany fotsiny no miova, fa dia ny hanome tany midadasika hisitrahan'ny mpanam-bola sy mpampiasa vola teratany sy vahiny foana, no lazainy fa hampandroso ny firenena sy hitondra amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo.

Ny tetikasa Pôles intégrés de croissance kosa, rehefa jerena ny tranonkalany dia manandratra ny fanorenana « corridors », na «zones» amin'ny faritra izay samy omena andraikitra hanabe voho rohim-pamokarana (« chaîne de valeur») iray na vitsivitsy.

Ka ny hita tamin'izao fotoana faramparany izao dia ny fanohanana rohim-pamokarana heverina, fa hampazoto kokoa ny mpampiasa vola tsy miankina, no fandaharan'asa nomeny tsindrimpeo. Anisan'izany ny hasy ao amin'ny faritra Atsimo-Andrefana, ny dipoavatra mavokely sy tsaramaso maina ao amin'ny faritra Anôsy, ary ny kakaô any amin'ny faritra Diana. Nilaza ny mpiandraikitra ny tetikasa fa mbola hanitatra io asa io any amin'ny faritra hafa, ka ny andrasany ho vokatr'izany ia ny fitomboan'ny mpampiasa vola tsy miankina sy ny fanondranana vokatra any ivelany, ary ny fanatsaràna ny fari-piainan'ireo izay mandray anjara amin' ireo rohim-pamokarana voakasika.

Hita tany amin'ny rakitra an-tsoratra nozaraina tamin'ny fivoriana tamin'ny volana Jolay 2020 mahakasika NY PAIKADY NASIONALY MOMBA NY FANDRAHARAHANA ARA-PAMOKARANA (agribusiness), fa tany 4 tapitrisa hekitara (4 000 000 Ha), no kasaina hametrahana agropoles eto Madagasikara hatramin'ny taona 2030. Tena midadasika be tokoa izany ! Lehibe noho ny totalin'ny velaran-tany ambolen'ny fitambaran'ny tantsaha rehetra eto Madagasikara amin'izao fotoana izao ary mila ho telo avo henin'ny velaran-tany, saika lasan'i Daewoo tamin'ny taona 2009.

Efa azo an-tsaina sahady, fa na ho « projets présidentiels » ny ho filaza an'ireo tetikasa agribusiness ireo na tsia, dia mampanahy ho voasokajy anatin'ny tetikasa ho an'ny filam-bahoaka (déclaration d'utilité publique), ka hiharan'ny andininy faha-22 ny lalàna vaovao 2021-016, momba ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra, izay milaza fa raha tsy manana titra na kara-tany ny olona monina eo amin'ny faritra voaray amin'ny didim-panjakàna mikasika ny filam-bahoaka dia tsy hahazo fanonerana rehefa esorina teo amin'ny taniny.

Araky ny efa nosoratana tamin'ny fanambaràna maro teo aloha anefa dia an-tapitrisany ny olom-pirenena, sy fianakaviana malagasy manana tany nitoerana sy novolen'ny taranaka nifandimby saingy tsy manana taratasy fanamarinana izany noho ny antony samihafa, ka ho voaraoka fotsiny izao. Toa izany koa ireo olona sy fianakaviana mipetraka amin'ny tanim-panjakàna na vita titra amin'ny voanjo teo aloha.

Noho izany dia an-tapitrisany izany ny olom-pirenena malagasy any amin' ny faritra 23 ho very zo eo amin'ny fananantany, ka ho very trano fialofana, ho very asa famokarana izay sady antom-pivelomana namelomana ny fianakaviana no asa fampidirambola amin'ny fivarotana ny ampahany.

Koa manao antso avo dia avo amin'ny mpitondra fanjakana malagasy ankehitriny sy ireo mpandray fanapaha-kevitra izahay fikambanana amin'ny fiarahamonim-pirenena:

- Manamafy ny fanoherana ny fampiharana ny lalàna vaovao 2021-016, izay mbola mitaky fandinihina tsara sy fifanakalozana ny momba izany amin'ny olom-pirenena rehetra any amin'ny faritra 23.
- Mangataka ny tsy hirosoana amin'io politika nasiônaly momba ny agribusiness io, fa mbola hanao fampahafantarana ny fifandraisan'ity Antso ity marina amin'ny pôles intégrés sy agropoles ary corridors ary hanao famakafakàna momba ny ho fiantraikany ara-tontolo iainana sy ara-tsosialy eo amin'ny olom-pirenena.
- Mampahatsiaro hatrany, fa tsy hanome asa mitovy amin'ny famokarana sy fambolena tantanam-pianakaviana, ny agribusiness, ka hitombo ny tsy manan-kohanina eto amin' ny firenena.

Ireo fikambanana manao sonia :
Association MIFAMA
Association MMST
BIMTT
Coalition Lampogno Maroantsetra
Collectif pour la défense des terres malgaches - TANY
CRAAD-OI
Dis-Moi (Droits Humains Océan Indien) Madagascar
Femmes en Action Rurales de Madagascar (FARM)
JAI Association
Observatoire de la Jeunesse
ONG FIANTSO Madagascar
ONG MYE
Réseau SOA (Syndicat des Organisations Agricoles)
Sehatra Iombonana hoan'ny Fananantany (SIF)
Sendikan'ny mpiasan'ny orinasa afak'haba (SEMPIZOF)
TAFO MIHAAVO - Tambazotran'ny Fokonolona Mitantana Harena Voajanahary eto Madagasikara
Transparency International Initiative Madagascar (TI-IM)

***Nangonin'Isambilo***

Festival Parcour

# Mahasintona ny tanora ny fandalinana ny taranja Parcour

Fahombiazana ny fanatanterahana ny « Festival Parcour », izay natao tetsy amin'ny araben'ny fahaleovantena ny sabotsy, ka hatramin'ny alahady lasa teo . Hetsika ara panatanjahan tena nahitana fifaninanana taranja « Parcour » sy ny taranja « Trekking » nataon'ireo athleta « traceur » avy eto Antananarivo, Mahajanga, Fianarantsoa, Sambava, Antsiraanana. Nilaza Andriamatoa Faliniaina Anthonio mpikarakara ny hetsika, fa mitsinjara ho sokajy 3 ny fifaninanana ao anatin'izany ny sokajy « Spider run », izay tsaraina amin'ny alalan'ny hafainganam-pandehan'ny Athleta, ny sokajy « Free style », izay tsaraina amin'ny alalan'ny teknika asehon'ny Athleta, ny « Trekking », izay tsaraina amin'ny alalan'ny hatsaran'ny fihetsiky ny athleta mandritra ny fifaninanana. Nanohy fanazavana ny mpikarakara ny hetsika « Festival Parcour », fa efa betsaka ireo tanora liana amin'ny fandalinana ny taranja « Parcour » sy « Trekking » ary tsy latsa-danja amin'ny lentan'ireo athleta any ivelany ny fahaizan'ny tanora Malagasy, satria tsy mionona amin'ny fanatanjahantena fotsiny ny fifehezana ity taranja ity, fa raisin'ireto farany ho kolontsaina maoderina koa izany. Marihina fa taranjampanatan jahantena ahafahan'ny athleta iray mandingana sakana maromaro amin'ny fomba haingana ny « Trace » ary fifangaroan'ny fitsipika « Kapoera » sy « Taekwondo » ary « Accrobatie » ny taranja « Trekking ». Tsiahivina fa tany Frantsa no niatombohan'ny taranja « Trace » tamin'ny taona 1990 ary efa betsaka ireo tanora mirona amin'ity taranja ity amin'izao fotoana izao.

***Franck Razakambelo***

Mpianatra ho polisy

# Misokatra ny fisoratana anarana amin'ny fifaninanana

Misokatra indray ny fisoratana anarana amin'ny fifaninanana hidirana ho mpianatra polisy eto amintsika. Ho tanterahina ny 02 sy 03 jolay ho avy izao ny fifaninanana hidirana ho mpianatra ho polisy: sokajy : Agent , Inspecteur, Officier, ary Commissaire de police, dingana voalohany. Araka izany dia misokatra ny fisoratana anarana izay hifarana ny 31 mey 2022 ho avy izao.

Ho an'ireo mila ny andinindininy dia azo jerena ao amin'ny tranokalam-pifandraisan'ny Polisim-pirenena: https://www. pn.gov.mg izany.

Hita eny amin'ireo toerana iasan'ny Polisim-pirenena. Ho an'ny any amin'ny faritra kosa dia hita eny anivon'ny fitalea- vam-paritry ny Polisim-pirenena izany . Ny Fisoratana anarana : eny Anosy ao amin'ny " Service Central de recrutement", ho an' Antananarivo Renivohitra. Isaky ny " Direction Régionale de la Sécurité Publique ", ho an'ny faritra ivelan' Antananarivo Renivohitra.

Fampatsiahivana : mialoha ny hametrahana ny antontan-taratasy ho mpifaninana no mirefy, ka mahazo ny "certificat de toise ".

Ny "imprimé" ilaina rehetra ho an'ny "session concours 2021-2022" dia azo alaina ao amin'ny tranokalam-pifandraisan'ny Polisim-pirenena : https://www. pn.gov.mg

Mitondra fanamarinana fitondran-tena "Certificat de bonne conduite", alaina ao amin'ny tranokalam-pifandraisan'ny Polisy ny mpifaninana ary hoentiny eny amin'ny fokontany. Ny Filohan'ny fokontany no mameno izany ary manao izany ao anatin'ny valopy tsara hidy .

Mitondra "imprimé Fiche médicale CM1" avy any amin'ny hopitalim-panjakana, na ihany koa eny tobim-pahasalamana CSBII ny mpifaninana. Ny dokotera irery no mameno izany ary manao izany ao anatin'ny valopy tsara hidy.

Ireo mila fanazavana fanampiny dia afa-ka miantso ny laharana : 0340864311.

Ny antontan-taratasy feno sy ara-dalàna ihany no ho raisin'ny tompon'andraikitra eny anivon'ny polisim-pirenena misahana ny fisoratana anarana.

***Stefa***

Union des Journalistes Sportifs de Madagascar

# Hamoaka karatra matihanina ho an'ny mpanao gazety atsy ho atsy

Nahatontosa ny AGO voalohany ho azy, tetsy amin'ny MHotel Ampefiloha, tamin'ny sabotsy lasa teo, ny fikambanana mpanao gazety ara-panatanjahantena UJSM « Union des Journalistes Sportifs de Madagascar ». Ny filohany am-perinasa Rasanda Serge notronin'ireo mpikambana ao anaty birao tarihany, no nitarika ny fivoriana, izay nandinihana manokana ny fanitsiana sy fanatsarana ny Sata sy Fitsipika Anatiny mifehy ny fikambanana, izay tapaky ny mpikambana rehetra tonga teny Ampefiloha tamin'io fotoana io. Sady lanonam-pifampiarahabana tratry ny taona 2022 rahateo ity fivoriana natao ity, ka dia nofaranana tamin'ny fizarana nofon-kena nitam-pihavananana izany.



*Mpikambana UJSM teny Ampefiloha tamin'ny sabotsy teo.*

Efa nisy ireo mpiara-miombon'antoka nifanometanana tamin'ity fikambanana ity, no tsy nisalasala tamin'ny fanampiana avy hatrany tamin'izao hetsika izao, izay efa nanomezan'ny mpikambana rehetra fisaorana eram-po sy eran-tsaina avokoa, ka anisan'izany ny nanolotra maimaimpoana ny efitrano nanaovana ny fivoriana .

Fantatra avy tamin'ity fihaonanana ity, fa handrafetana karatra maha-mpikambana matihanina azy ao amin'ny UJSM, ireo rehetra mandoa ny latsakemboka isan-taona nifaranarahana (alohan'ny 15 aprily amin'ity 2022 ity), sy voamarina tsara fa mikirakira vaovao ara-panatanjahantena ao amin'ny toeram-piasany.

Nifanaiky hifanampy sy hifampizara ny traikefany amin'ireo vaovao vao miditra amin'ity sehatra ity, ireo mpikamba tranainy efa voky traikefa nandritra ny taona maro, tamin'ity fikirakirana vaovao ara-panatanjahantena ity.

***Rainilita***